# WILL of GOD 316

## Ahoana no ahafantarako ny Sitrapon'Andriamanitra?

*"Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina."* Romana 12:2

Tena zava-dehibe ny mahafantatra sy ny manao ny Sitrapon'Andriamanitra Aoka hanahaka an'i Jesosy. Nilaza Izy fa tsy tonga tety ambonin'ny tany *"mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon'Izay naniraka Ahy,"* Jaona 6:38. Ny ankamaroan'ny Sitrapon'Andriamannitra ho an'ny mino dia mihatra toy izany koa. Na izany aza, Andriamanitra dia manana ny Sitrapony manokana ho an'ny mino tsirairay, izay ambarany tsikelikely arakaraky ny hitomboanao amin'ny fandehananao miaraka Aminy isanandro amim-pahatokiana. Afaka ny hahafantatra ny Sitrapon'Andriamanitra ianao. Hanome anao fahatakarana Izy. *"Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, Fa aza miankina amin'ny fahalalanao; Maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, Fa Izy handamina ny làlanao,"* Ohabolana 3:5-6. Fantatrao ny Sitrapon'Andriamanitra ankapobeny ho an'ny mino rehetra ao amin'ny Baiboly. Fantatrao ny Sitrapony manokana izay toy ny fitambarana mirindran'ny Teniny sy ny fiainana feno fankatoavana sy fahatokisana. Miainga avy amin'io fankatoavana fototra io no ahafantaranao ny Sitrapony ho anao sy hankatoavanao izany. Manontania ny Ray. Mahazoa tari-dalana avy amin'ny Teniny, ny Fahendreny, ny Olony, ary ny Fiadanany. Rehefa fantatrao ny Sitrapon'Andriamanitra dia mankatoava Azy.

**NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA ANKAPOBENY.** Ny ankamaroan'ny Sitrapon'Andriamanitra ankapobeny dia hita ao amin'ireo didy, toro-lalana ary ohatra ao amin'ny Baiboly. Ny Baiboly no loharano voalohany ahafantaranao ny Sitrapon'Andriamanitra ho an'ny fiainanao. *"Fanilon'ny tongotro Sy fanazavana ny làlako ny teninao,"* Salamo 119:105.

1. Didy. Misy didy maro ao amin'ny Baiboly ho an'ny mino toy ny, *"Mifalia mandrakariva. Mivavaha, ka aza mitsahatra. Misaora amin'ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy ho anareo,"* 1 Tesaloniana 5:16-18. sy *"Fa izao no sitrapon'Andriamanitra, dia ny hanamasinana anareo, hifadianareo ny fijangajangana,"* 1 Tesaloniana 4:3. Hoy Jesosy, *"Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko,"* Jaona 14:15. Fantaro ny hodidin'ny didy. Andriamanitra dia nilaza tamin'i Noa mba hanamboatra sambofiara, Genesisy 6:14. Fa Andriamanitra tsy nilaza taminao mba hanaovanao izany. Andriamanitra dia nilaza tamin'i Davida mba handeha any Hebrona, 2 Samoela 2:1. Fa Andriamanitra tsy nilaza taminao mba hanao izany. Aza manala ny didy amin'ny hodidina misy azy.

2. Toro-lalana. Misy toro-lalana ara-Baiboly tokony harahinao. Ny toro-lalana momba ny fitantanana tsara dia ao amin'ny Lioka 16:1-13. Ny vidin'ny maha mpianatra dia ao amin'ny faran'ny Lioka 14. Ny toro-lalana momba ny fitadiavana ny olona very dia ao amin'ireo fanoharana telo ao amin'ny Lioka 15. Araho ireo sy ireo toro-lalana hafa ao amin'ny Baiboly.

3. Ohatra. Ireo didy sy toro-lalan'ny Baiboly dia manome anao ny Sitrapon'Andriamanitra ankapobeny ho an'ny fiainanao. Ny Baiboly dia misy ohatra izay natao harahintsika. Ny ohatra tsara indrindra dia ny fiainan'i Jesosy. Hoy Jesosy rehefa avy nanasa ny tongotry ny mpianany, *"Fianarana no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo,"* Jaona 13:15. Tokony hanaraka ny ohatry ny fanetrentenany isika, Filipiana 2:3-5. Tokony hanaraka ny diany isika, *"Fa ho amin'izany no niantsoana anareo; fa Kristy aza efa nijaly hamonjy anareo ka namela fianarana ho anareo, mba hanarahanareo ny diany,"* 1 Petera 2:21. *"izany no ahafantarantsika fa ao aminy isika. Izay milaza fa mitoetra ao aminy izy, dia tsy maintsy mandeha toy izay nandehanany koa.,"* 1 Jaona 2:5-6.

**FAMPITANDREMANA.** Andriamanitra tsy mandainga, Salamo 119:160. Andriamanitra dia tsy hitarika anao, na hilaza aminao, mba tsy hankatò ny Teniny. Jesosy dia manome antsika mpitarika mba hampitao antsika, Efesiana 4:11-14. Maro anefa ny mpampianatra sandoka, 2 Timoty 4:3-4. Aza mino mihitsy fa Andriamanitra dia hiteny aminao tsy hankatò ny Teniny. Tsy hanao izany Andriamanitra. Raha misy mpitondra fiangonana miteny anao tsy hankatò ny Tenin'Andriamanitra dia fampianaran-diso izany.

**SITRAPON'ANDRIAMANITRA MANOKANA.** Manana Sitrapo manokana ho an'ny mino tsirairay Andriamanitra, Salamo 32:8, Ohabolana 3:5-6. Ankatoavy ny Sitrapon'Andriamanitra ankapobeny. Ary mba hianaranao ny Sitrapony manokana, angataho mafy Andriamanitra hanambara anao izany. Tadiavo ao amin'ny Teniny, ao amin'ny Fahendreny, ao amin'ny Olony, ary ao amin'ny Fiadanany ny valinteniny.

**Anontanio**. Mivavaha ny fivavak'i Davida, *"Ampianaro hanao ny sitraponao aho,"* Salamo143:10. Ny Apostoly Paoly dia nivavaka ho an'ny mpino tany Kolosia mba *"hofenoina fahalalana tsara ny sitrapony"* Kolosiana 1:9 izy ireo. Ny vavaka mafy tokony hataonao ho an'ny tenanao sy ho an'ny hafa dia ny mba hahalala sy hanao ny Sitrapon'Andriamanitra.

**Mahazoa toro-lalana.** Andriamanitra dia manambara ny Sitrapony manokana amin'ny alalan'ny Teniny, ny Fahendreny, ny Olony ary ny Fiadanany. Angataho Andriamanitra haneho aminao ny Sitrapony. Hamaly ny vavakao Izy amin'ny alalan'ny:

1. Teniny. Ny fahafantarana ny Sitrapon'Andriamanitra manokana dia vokatry ny fianarana tsy tapaka ny Baiboly. Miha mazava aminao ny Sitrapon'Andriamanitra ho anao rehefa mahazo fahendrena sy fahatakarana avy amin'ny Teniny ianao. Tsy hitarika anao hanao zavatra mifanohitra amin'ny Teniny mihitsy Izy.

2. Fahendreny. Ny Fahendren'Andriamanitra dia avy amin'ny fankatoavana ara-panahy, 1 Korintiana 2:14-15. *"Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina,"* Romana 12:2. Angataho amin'Andriamanitra ny Fahendreny, *"Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, ... ary dia homena azy izany,"* Jakoba 1:5.

3. Olony. Ny olon'Andriamanitra dia fitaovana ahafahana mamantatra ny Sitrapon'Andriamanitra. Ireo izay mampianatra marina ny Teniny amin'ny alalan'ny fitenenana na ny soratra dia afaka manampy, Kolosiana 1:28. Tsara ny mangataka toro-hevitra avy amin'ny mpino matotra. Ny mpanolotsaina mihoatra ny iray dia tena hevitra tsara, *"Ho foana ny fikasana, raha tsy misy mpisaina; Fa raha maro ny mpanolo-tsaina, dia tanteraka izany.,"* Ohabolana 15:22. Ny mpino efa matotra dia tsy hoe tsy diso mihitsy fa afaka manome anao fahatakarana lalina izy ireo, izay hanampy anao hamantatra ny Sitrapon'Andriamanitra.

4. Fiadanany. Ny Fiadanan'Andriamanitra no fanamafisana farany ny Sitrapony manokana, *"Ary aoka hanapaka ao am-ponareo ny fiadanan'i Kristy,"* Kolosiana 3:15. *"Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy,"* Filipiana 4:7. Izany fiadanana izany dia fahatsapana lalina avy amin'Andriamanitra ny amin'ny fahamarinana momba ny fanapahan-kevitra iray izay manaraka ny vavaka, ny fianarana ny Baiboly, ny fahendrena ara-panahy ary ny fahatakarana avy amin'ireo mpanolo-tsaina matotra ara-panahy. Katsaho ary andraso ny fiadanany.

**Mihetseha.** Rehefa manontany ianao raha Sitrapony ny zavatra iray dia mety ho "tsia" ny valiny, toy ny an'i Paoly, 2 Korintiana 12:7-10. Mety ho "Andraso". Ny valinteniny hoe "andraso" dia mety ho fitahiana lehibe, Isaia 40:31. Rehefa "eny" ny valintenin'Andriamanitra, dia ataovy ny Sitrapony na dia sarotra, tsy malaza, ary na misy vidiny aza izany. Tokony ho faly isika hanao ny Sitrapony amin'ny fontsika, Salamo 40:8, Efesiana 6:5-6. Tandremo ny valiny sandoka ampianarina amin'ny anaran'ny Kristianisma. Mankatoava rehefa azonao antoka fa fantatrao ny Sitrapon'Andriamanitra.

---

*Ahoana no ahafantarako ny Sitrapon'Andriamanitra?* © 2026 nosoratan'i John D. Morris III dia navoakan'ny Acts One Eight. Azonao atao ny manonta malalaka, mandika, mandefa, mailaka, na mandefa hafatra miaraka amin'ny atiny tsy miova miaraka amin'ity fanambarana feno ity. Azonao atao ny manampy ny anaran'ny asa fanompoana na ny fiangonana misy anao na ny sary famantarana eo an-tampon'ny pejy voalohany, ampio ny mombamomba anao eo ambonin'ny tsipika matevina eo akaikin'ny faran'ny pejy faharoa. WillofGod316.org dia mifototra amin'ny Baiboly irery ihany. Ny antom-pisiany dia ny hanampy ny mpino hamantatra ny Sitrapon'Andriamanitra. Afaka mandefa mailaka amin'ny Acts One Eight ianao (amin'ny teny Anglisy raha azo atao) amin'ny: Hello@Mail316.org. Ny fandikanteny dia avy amin'ny www.ChristianLingua.com. *Ahoana no ahafantarako ny Sitrapon'Andriamanitra?* dia misy dikany amin'ny fiteny 48 azonao alaina maimaimaimpoana ao amin'ny www.WillofGod316.org. Ireo Tenin'Andriamanitra amin'ny fiteny Anglisy dia nalaina tao amin'ny The Lockman Foundation's New American Standard Bible 1995. Ny Tenin'Andriamanitra amin'ity fandikanteny ity dia nalaina tao amin'ny Baiboly Protestanta Malagasy.